NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Ny làlan'i Jehovah dia fiarovana mafy ho an'izay tsy misy tsiny.
Fa fandringanana kosa ho an'ny mpanao ratsy."
Ohabolana 10:29

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Midangana avokoa ny vidin-javatra ilain'ny mponina andavanandro

Rak Ser : Karana daholo zao manao monopol PPN eto ka zao no nalehany. Miakatra ny vidin'ny menaka, ny lafarinina, ny siramamy, ny atody,…
Soavololon'Arivo Razafitsoarana : ny Charbon tompoko efa 25000 Ar amzao nividianako omaly. mbol 1000ar koa mibata an'iny. Tsy rariny intsony ity vidin-javatra ity.
Toni Rakotozanakajy : ah hihihi! ilay kianja manara-penitra efa vita maro anie eh!
Faniry Razafy : Toni Rakotozanakajy : ny vahoaka mahantra fadiranovana anefa.
Rak Ser : Toni Rakotozanakajy : bozaka synthétique ngah azo hanina.
Toni Rakotozanakajy : tena ao anatin'ny fahantrana lalina tokoa aloha eh!
Toni Rakotozanakajy : Rak Ser : eny tsy azo hanina fa falifaly hono ny tanora manana kianja tsara!
Rak Ser : Toni Rakotozanakajy : kianja tsara nefa noana hanao baolina eo, inona no dikany?
Vony Manitra : aty aminay Antananarivo Avaradrano 25000 Ar gony @ charbon, tena efa tsy takatra intsony.
Naomi Rayan : ny mpatsaka sy ny mpanasa lamba koa nenay aty nampiakatra daholo e ! Tsy omena tsiny zareo fa mba samy mangirifiry daholo! Poussy Ratovohery : charbon ety aminay Volotara Andoharanofotsy, 25000 Ar/gony.
Razafimahery Clémence : efa nolazaina nareo ka!
Vony Manitra : izao no atao hoe faripiainana manara-penitra.
Mikajah Feno : efa miakatra miakatra ihany ny prix ny PPN amin'izao.
BebyHanitra Rajaonah : solution n°13.
Andriamihantasoa Tsiry : marina be ... izay mihintsy ny fiainan'ny Malagasy malgache amin'izao, miaina lalina anaty fahantrana noho ny ataon'ny mpitondra tsy mahay mitantana.
Hoby Ando Rabekoto : alefa fô tonton a, solution n 13!
Miary Rasolofoarijaona : mafy izy ity.
Arlette Ranoromalalala : charbon 26000 Ar ny iray gony, tsy zaka intsony !
Brice Ravelosoa : 800 Ar ny atody, 800 sy 700 Ar ny kapoakan'ny vary, efa mananika ny 1 alina ariary ny litatra amin'ny menaka,…
Lola Sy Natalys Rabakoson : ka na io zavatra atsangana (manara-penitra) tsy ankijanona io aza anie mampisy inflation na tiana na tsy tiana e! Mandany mandany foana, fa tsy misy famoronana harena mihitsy, izany dia miteraka fiakaran'ny vidim-piainana.
Solo Antoine Andriamaharavo : ny chômeur antsasaky ny malagasy mahery.
Dorothee Satanirina : ka efa hoe ny tsy vita tao anatin'ny 60 taona ko, vidinjavatra manao fandehana TGV midangana toy izao. Hihihihiiii !
Saholy Raharivololona : charbon diso, aty aminay 27000 Ar ny gony.
Minah Chou Chou : henjana ilay zavtra misy ka.
Andrianjaka Judicael : an'ny karana ny tanàna... + nationalite dia very isika a! hoy Rajao zay.
Orlando Miora : alefa Rabesandratana a! hihihiiiii !
Nosy Ranalisolofo : aza taitaitra ianarrreo fa rrrehefa mandroso ny any amin'ny farrritra Atsimo izay ho sompitr'i Madagasikarrra am taona 2023 dia hidina ho azy ny vidim-piainana, sy ny vidin'ny la vanille dia manarrraka ho azy ny vidin'ny jirrrofo sy cacao. Tsy maintsy ataontsika izany. Masina ny tany ngazana!
Clémence Raharinirina : tena loza.
Aimée Mbolatiana : rehefa tapitra ny mahantra dia ry zareo mpanan- karena sisa manjaka amin'ireo "manara-penitra " ko. Zay angamba no tanjona manara-penitra.
Mamiarilalao Hajatiana : tsy haiko hoe tokony hihomehy aho sa hitomany.
Bizina Raitra : Mamiarilalao Hajatiana : mijere fitaratra dia mihomeheza kely ihany, henjana eh!
Asnãh Cÿnthia Rak : soa ihany aty aminay Moramanga fa mbola 15000 Ar ny charbon.
Lalao Antsa : zay lay hoe nataony mihinan'lem ko.
Gervais English : ny manosika tomobile latsaka anaty fotaka 1500 ariary ny iraikalahy. Nef 7 vao mahafaka. Tena trop!
Alain Eliane : Gervais English : ny mankany aminay fotaka efa ho 50 no manosika dia ahoana zany, lany ny vola kely!
Rixmax Maurille : mety hono zao e vidina PPN midangana be izao e! misaotra prezidà!
Aina Kane : ny vidim-bolo lava 4 miliô fmg. Tsy izy intsony ty !

Maki vehivavy, na Ladies Makis 7s

Efa tonga any Paris CDG omaly maraina

Efa tonga any amin' ny Paris CDG hatry ny omaly alarobia 16 jona 2021 maraina, ny delegasiôanan'ny taranja rugby Malagasy tarihan' ny filohan'ny Malagasy Rugby, Rakotomalala Marcel, miaraka amin'ireo vehivavy Ladies Makis 7 s miisa 13 mirahavavy, hiatrika ny "Tournoi de repêchage JO 2021", izay ho tontosaina any Monaco France amin'ny 19 sy 20 jona 2021 ho avy izao. Marihana fa tamin'ny talata 15 jona 2021 alina teo no nanainga teny amin'ny seranam-piaramanidin'Ivato izy ireo. Anaran'ireo delegasiôna lasa any Monaco: Rakotomalala Marcel Joseph (Chef de délégation), Solofoson Bien Aimé (Manager), Randrianarison Marie Eric (Coach), Razafimanantsoa Bruno Nelson (Médecin), Razafiarisoa Voahirana Sophie (3Fb), Raveloarinoro Mbolatiana Dinah (3Fb), Ranorovololona Vonimalala (3Fb), Sahondramalala Nomenjanahary Sarindra (3Fb), Mirasoa Fenohasina Joela (Ftm Manjarakaray), Rasoanekena Veronique Eluriche (RCTS), Raharimalala Haingo Valérie (Asut), Rasoarimalala Claudia Maminiaina (Ftm Manjarakaray), Bodonandrianina Marie Christine (Ftfa), Razafimahefa Farasoa Tantely (3Fb), Rasoanandrasana Laurence (Scb), Ravololonirina Nantenaina Patricia (Scb), Rasoanandrasana Volatiana Marie Fleuris (Ftfa Antohomadinika).

Rainilita

Delegasiôna Malagasy tonga tany Paris.

Playoffs Orange Pro League 2020-2021

Nivoaka ny fandaharam-potoana lalao miverina

Navoakan'ny CFEM ny fandaharam-potoanan'ny dingana Playoffs lalao miverina, ho an'ny fifaninanana baolina kitra Malagasy "Orange Pro League 2020-2021", ka fantatra fa ho eny amin'ny kianja "Complexe Sportive Vontovorona" avokoa no hanatanterahana an'ireo lalao 6 harahina amin'izany ary ny As Adema sy Five Fc no hisantatra izany amin'ny zoma.

Rainilita

Ireo ekipa 4 miatrika ny Playoffs 2020-2021.

Baolina kitra

Ny tohin'ny fandaharan-dalao amin'ny Euro 2021

Mitohy ihany ny Euro 2021, fiadiana ny amboaran'ny ho tompon-dakan'i Eoropa eo amin'ny ekipampirenena. Indro atolotra anao etoana ireo lalao ho tanterahina anio alakamisy 17 jona 2021 sy rahampitso zoma 18 jona 2021. Alakamisy 17 jona 2021 : 15h00 - Ukraine # Macédoine du Nord (C). 18h00 - Danemark # Belgique. 21h00 Pays Bas # Autriche (C). Zoma 28 jona 2021, 15h00 - Suède # Sloviquie (E). 18h00 - Croatie # Rép. Tchèque (D). 21h00 - Angleterre # Ecosse (D).

Fa raha tsiahivina ny lalao ny talata lasa teo, lavon' ny telosoratra Frantsay tao an-taniny (Allianz Arena de Munich) ny ekipampirenena Manshafft Allemand, teo amin'ny lalao

Pogba, mpilalao mendrika tamin'ny fihaonan'i Frantsa sy Alemaina.

voalohany natrehan'izy ireo ao amin'ny vondrona F tamin'ny talata 15 jona 2021 lasa teo. Raha ny marina dia niharitra ny rotoroton'ny Rainiboto ry Mbappé sy ny tariny tamin'ity lalao ity. Nampiditena teo amin'ny minitra faha-20 ilay mpilalao Allemand Mats Hummels, no naharesy azy ireo. Ilay mpilalao Frantsay Pogba no voahosotra ho "l'homme du match" tamin'ity fihaonana ity. 3-0 kosa no nandavoan'i Portugal an'i Hongrie ao amin'ny vondrona F hatrany tamin'io andro talata io, ka ny baolina 2 tamin'ireo dia matin' i CR 7 avokoa.

Rainilita